REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

MINISITERAN'NY FITSARANA

MINISTRE DE LA JUSTICE

# NAOTY

**<u>Antony</u> : Fepetra**

Mba ho fampiharana ny fanapahan-kevitra noraisina nandritra ny Filan-kevitry ny Minisitra izay natao ny 04 Jolay 2020 sy ireo fepetra ara-pitondrana mifandraika amin'izany dia toy izao manaraka izao ny fepetra ho raisina eny amin'ny sampan-draharaha rehetra eny manerana ny Nosy izay miankina amin'ny Ministeran'ny Fitsarana:

## A- Ho an'ny Faritra Analamanga, Alaotra Mangoro, Vakinankaratra, Atsinanana ary Analanjirofo

### I. Momba ny Fitsarana Ambaratonga Voalohany :

- **Mahakasika ny ady madio :**

Ny raharaha tena maika rehetra ihany no mandeha fa ny ankoatra izany dia ahemotra amin'ny fotoana manaraka.

Ahato ny fandraisana ny raharaha vaovao rehetra mandra-pisian'ny toromarika hafa manova izany ankoatry ny fangatahana ny fanomezam-pahefana mikasika ny fandraisana fisotroan-dronono sy ny karama sy ny raharaha tena maika (référé à bref délai).

- **Mahakasika ny ady heloka tsotra:**

Ahato ny fitsarana ny raharaha rehetra ankoatra ny fandinihana ny momba ny fitazomana vonjy maika.

- **Mahakasika ny Fitsarana mpanao famotorana:**

Mitohy hatrany ny fandraisana ny raharaha hita fa tsy maintsy alefa ny Fampanoavana any amin'ny mpitsara mpanao famotorana.

- **Mahakasika ny Fampanoavana :**

Tohizana ny fampiharana ny fomba fiasa « Traitement en temps réel » mba ahafahana misivana ireo raharaha tsy maintsy hiakatra Fampanoavana.

Ireo raharaha ankoatra izany dia atao taratasy hampitaina (dossier à transmettre) na tazonin'ny mpitandro ny filaminana mandra-piandry ny toromariky ny Lehiben'ny Fampanoavana.

- **Mahakasika ny Chambre de Détention Préventive :**

Mitohy hatrany ny asan'ny Chambre de Détention Préventive.

### II. Momba ny Fitsarana Ambony :

Ny ady rehetra dia ahemotra amin'ny fotoana maha-mety azy.
Mahakasika ny ratsam-piampangana ambony dia mitohy ny fanaovana ny asany andavanandro.

### III. Mahakasika ny Fitsarana manokana miady amin'ny kolikoly:

Ampiharina amin'ny Fitsarana manokana miady amin'ny kolikoly ambaratonga voalohany sy ambaratonga ambony (Pôle anti-corruption) ireo fepetra rehetra voalaza eo ambony ireo.

## IV. Mahakasika ny Fitsarana Tampony Sampana Fandravana:

Ahato ny fanatanterahana ny asany andavanandro.

## V. Mahakasika ny Fitsarana ny ady atao amin'ny fanjakana sy ny filankevi-panjakana :

Ahato ny fanatanterahana ny asany andavanandro.

## VI. Mahakasika ny Fitsarana ara-bola sy ny fitsarana momba ny kaonty:

Ahato ny fanatanterahana ny asany andavanandro.

## VII. Mahakasika ny Fandraharahana ny fonja:

Atsahatra ny famangiana ny voafonja ataon'ny fianakavian'izy ireo. Mitohy hatrany kosa ny fanaterana ny sakafon'ny voafonja hatramin'ny 11 ora atoandro.

Anaovana famendrahana fanafody ny toeram-piasan'ny mpandraharahan'ny fonja, ny toeram-pamonjana ary ny manodidina azy rehetra.

Ireo voafonja vao miditra ny fonja dia hanaovana fitiliana manokana sy fanaraha-maso ny fahasalamany mandritra ny dimy ambinifolo andro ary hatokana amin'ny toerana manokana.
Anaovana fanaraha-maso sy fitsapana hafanana isan'andro ny mpandraharahan'ny fonja, ireo voafonja ary ireo rehetra mivezivezy ao.

Raràna ny fivorivoriana ao anatin'ny fonja.

Ahato ny fitondrana ny voafonja eny amin'ny toeram-pitsaboana ivelan'ny fonja raha tsy noho ny antony manokana tsy azo anoharana.

Atsahatra ny fitondrana voafonja arahana mpiambina (demande d'escorte).

Ahato ny fivezivezen'ireo fikambanana mpanao asa eny anivon'ny fonja.

Ahena araka izay farany azo atao ny fivezivezen'ireo voafonja.

## VIII. Mahakasika ny toeram-panofanana sy toeram-pampianarana momba ny fandraharahana ny fonja (ENAP):

Ahemotra amin'ny fotoana mahamety azy ny fifaninanana hidirana ao amin'ny sekolin'ny fandraharahana ny fonja.
Atsahatra ireo karazana fiofanana sy fampiofanana eny amin'ny sekoly.

## IX. Mahakasika ny sekolim-pirenena ambony manofana mpitsara sy mpiraki-draharaha (ENMG):

Miato avokoa ireo fiofanana sy fampiofanana tokony hotanterahina ao amin'ny sekoly ary ahemotra amin'ny fotoana mahamety azy.

# B- HO AN'NY FARITRA TSY AMPIHARANA NY FIHIBOHANA NEFA AHITANA TRANGAN'ARETINA:

## I- Momba ny Fitsarana Ambaratonga Voalohany

- **Mikasika ny ady heloka**

Ezahina, araka izay azo atao, ny hitsarana ny raharaha vaovao zakan'ny paik'ady « flagrant délit » ny andron'ny « déferrement » ihany amin'ny alalan'ny fampiharana ny

« Traitement en Temps Réel » mba hahafahana manatanteraka ny fotoam-pitsarana ny androtr'io ihany.

- **Mikasika ny famotorana**

Tanterahina ny fihainoana ny mpitory sy ny vavolombelona ary ny fakana am-bavany ireo voampanga izay tsy mifonja ka tsy misy sakana ny hahafahan'ny olona voakasika rehetra mamonjy ny Lapan'ny Fitsarana noho ny toeram-ponenan'izy ireo.

Tanterahina ny « diligences » rehetra izay heverina ho tokony sy afaka hatao.

- **Mikasika ny ady madio**

Raisina avokoa ny fangatahana sy famakian'ady rehetra.

Tsaraina ny fangatahana « ordonnance sur requête », ny ady tena maika na « référé à bref délai » ary ny ady maika tsotra na « référé ordinaire ».

Avoaka avokoa ireo didy izay tokony havoaka mba hahafahana miroso amin'ny fampahafantarana ny voakasika rehetra.

### II- Momba ny Fitsarana Ambony

Manomboka izao dia mandeha ara-dalàna ny fitsarana ny ady maika entina eo anoloan'ny Filoha Voalohan'ny Fitsarana Ambony na « référé du Premier Président de la Cour d'appel ».

Mandeha ihany koa ny fitsarana ny ady maika tsotra na « référé ordinaire ».

Avoaka avokoa ireo didy izay tokony havoaka mba hahafahana miroso amin'ny fampahafantarana ny voakasika rehetra.

### III- Ho an'ny antokom-pitsarana misahana ny ady atao amin'ny Fanjakana

Mitohy ny fanatanterahana ny asa andavanandro ao anatin'ny fanajana ny fepetra noho ny hamehana ara-pahasalamana rehetra.

### IV- Ho an'ny antokom-pitsarana misahana ny vola

Mitohy ny fanatanterahana ny asa andavanandro ao anatin'ny fanajana ny fepetra noho ny hamehana ara-pahasalamana rehetra.

### V- Ho an'ny fandraharahana ny fonja

Atsahatra ny famangian'ireo havany ireo voafonja.

## D- HO AN'NY FARITRA TSY MBOLA NAHITANA TRANGAN'ARETINA MIHITSY

### I- Momba ny Fitsarana Ambaratonga Voalohany

- **Mikasika ny ady heloka**

Tsaraina avokoa ireo raharaha ady heloka tsotra rehetra tsy misy ankanavaka ka tsy misy sakana ny hahafahan'ny olona voakasika rehetra manatrika ny fotoam-pitsarana noho ny toeram-ponenan'izy ireo.

Tandrovina hatrany ny tsy hifampikasokasohan'ny olona voafonja amin'ny olona ety ivelany amin'ny fotoana hitondrana azy ireo miatrika fotoam-pitsarana mba hisorohana ny mety

hidiran'ny valan'aretina amin'ny alalan'ny fivezivezen'ireo olona voafonja ka hanaparitaka izany eny anivon'ny fonja.

Ezahina, araka izay azo atao, ny hitsarana ny raharaha vaovao zakan'ny paik'ady « flagrant délit » ny andron'ny « déferrement » ihany amin'ny alalan'ny fampiharana ny « Traitement en Temps Réel », izany hoe hatao ny maraina ny « déferrement » ary tanterahina ny tolak'andro ny fotoam-pitsarana.

- **<u>Mikasika ny famotorana</u>**

Tanterahina ny fihainoana ny mpitory sy ny vavolombelona ary ny fakana am-bavany ireo voampanga rehetra tsy misy ankanavaka ka tsy misy sakana ny hahafahan'ny olona voakasika rehetra mamonjy ny Lapan'ny Fitsarana noho ny toeram-ponenan'izy ireo.

Tanterahina ny « diligences » rehetra izay heverina ho tokony sy afaka hatao.

- **<u>Mikasika ny ady madio</u>**

Raisina avokoa ny fangatahana sy famakian'ady rehetra ary tsaraina araka ny paikady mihatra aminy.

Tanterahina ny fotoam-pitsarana ady madio tsotra rehetra fa anjaran'ny Filohan'ny Fitsarana no mandrindra ny fandefasana ho tsaraina amin'ny alalan'ny « politique d'enrôlement » apetrany mba ho fanajana ny fepetra ankapobeny voalaza etsy ambony indrindra mikasika ny famorian' olona.

## II- <u>Momba ny Fitsarana Ambony</u>

Ireo fepetra mihatra amin'ny Fitsarana Ambaratonga Voalohany etsy ambony dia ampiharina eny anivon'ny Fitsarana Ambony araky izay mahakasika azy.

## III- <u>Ho an'ny Fandraharahana ny Fonja</u>

Atsahatra ny famangian'ireo havany ireo voafonja.

## E- <u>FEPETRA ANKAPOBENY</u> :

Raha toa ka misy tranga mampiahiahy eo amin'ny mpiara-miasa dia mandray andraikitra avy hatrany ny tompon'andraikitra ao amin'ny Fitsarana na ao amin'ny fandraharahana ny Fonja mba hampihato azy amin'ny asany ary hampanao azy fitiliana avy hatrany.

Hatao avy hatrany ihany koa ny « tracing contact » mba hahafantarana ireo olona izay nifandray taminy teo anivon'ny toeram-piasana.

Tsapaina hafanana ireo mpiasa rehetra sy ireo olona mifamezivezy eny amin'ny fitsarana ka izay hita fa manana maripana ambony dia asaina manatona toeram-pitsaboana akaiky azy indrindra avy hatrany.

Asiana toeram-panasana tanana miaraka amin'ny savony eny amin'ny toeram-piasana rehetra.

Tsy maintsy mampiasa arovava sy manaraka antsakany sy andavany ireo toromarika, fitsipika ary fepetra samihafa voalazan'ny Ministeran'ny fahasalamanany rehetra.

Tsy mahazo miditra ao amin'ny toeram-piasana misy ny Fitsarana sy ny Fandraharahana ny Fonja ny olom-pirenena rehetra izay tsy manana anton-draharaha manokana handehanana ao mba hisorohana ny fiparitahan'ny valan'aretina.



MINISTERE DE LA JUSTICE

Entanina ny rehetra mba hanaraka tsy tapaka ny fampitam-baovao ofisialy ary hangataka toromarika raha misy ilàna izany.

Ny lisitry ny mpiasa manao fiandrasan-draharaha rehetra dia tokony hampitaina aty amin'ny Minisitera.

Atsahatra daholo ireo fivoriana eo anivon'ny Sampandraharaha rehetra eo anivon'ny Ministeran'ny Fitsarana.

Ireo fiaran'ny sampandraharaha rehetra eto anivon'ny Ministera sy ny Fitsarana isantsokajiny dia tokony hampiasaina amin'ny fanatanterahana ny asa ho an'ireo izay voatendry hanao ny fiandrasan-draharaha.

Ny Minisitry ny Fitsarana na ireo tompon'andraikitra izay nomeny alàlana hanao izany irery ihany no afaka mampita vaovao ofisialy avy amin'ny Ministeran'ny Fitsarana.

Antananarivo, faha 05 Jolay 2020.

Pour le Garde des Sceaux
Ministre de la Justice
Par délégation
Le Secrétaire Général

**IMBIKI Herilaza**

Pour le Garde des Sceaux,
Ministre de la Justice,
par délégation,
Le Directeur de Cabinet.

[illegible]SAVATSARAH Ain'[illegible]